# Ilay Voa Tsara Nafafy 07 Jona 2018

**7** **Alakamisy**
jona

**Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika ? Izay tsy niaro ny Zanany lahy, fa natolony hamonjy antsika rehetra Izy, tsy homeny antsika miaraka aminy maimaimpoana koa va ny zavatra rehetra ?** Romana 8. 31, 32

**Matoky ny fitiavan'Andriamanitra**

Josefa, izay namidin'ny rahalahiny ho andevo, dia namela ny heloka rehetra nataon'izy ireo taminy, tatỳ aoriana. Na izany aza anefa, rehefa maty ny rain'izy ireo, dia nitebitebiy ireto rahalahin'i Josefa, nifampiresaka hoe : „Andrao hanao fo lentika amintsika Josefa ka hamaly antsika tokoa noho izay ratsy rehetra nataontsika taminy" (Genesisy 50. 15). Nalahelo i Josefa, noho izy ireo tsy matoky ny fitiavany azy ireo, ka namerina teny famelan-keloka azy ireo indray.

Mampitodika antsika amin'ny tenantsika ny fihetsik'ireto lehilahy saro-tahotra ireto ; mora misalasala loatra momba ny fitiavan'i Kristy isika ! Manome antoka sy fampanantenana momba izany ny Tenin'Andriamanitra, nefa dia mbola mitady toky ihany isika. Voasoratra fa tsy misy „hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika" (Romana 8. 39).

Hazavain'ny apostoly Paoly ao amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny Romana (toko 1-8) ny foto-pampianarana momba ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra, ary faranany amin'ny fanambarana tena mavesa-danja hoe : „Andriamanitra no momba antsika". Ireo teny vitsivitsy ireo dia mandetika lalina ao anatintsika ny faharesen-dahatra hoe tia antsika Andriamanitra, tia tsy misy fepetra. Tia antsika Izy, ary ho tia antsika hatrany, na mandalo toejavatra sarotra aza isika, ary na manalavitra Azy aza. Tsy ho tia antsika hatrany ve Andriamanitra, Izay nanome ny Zanany ho antsika ? Tsy dodona mihitsy isika hanaiky izany ! Ny fototry ny olana dia isika tsy ampy fahatokiana ny fitiavan'Andriamanitra antsika.

Hoy Jesosy : „Tahaka ny nitiavan'ny Ray Ahy no nitiavako anareo ; tomoera amin'ny fitiavako ianareo" (Jaona 15. 9).